
ADY AMIN'NY « RELATIVISME »

Inona no atao hoe « relativisme » ?

Amin'ity fiheverana ity dia, marina avokoa ny fivavahana rehetra !

Petrak'olana :

Misy fampianarana momba ny famonjena ihany koa ve izany tovoizina ao amin'ireny fivavahana tsy kristiana ireny? Raha samy milaza ny amin'Andriamanitra daholo ny fivavahana rehetra, nahoana no mbola mitory ny Filazantsara ny Fiangonana ?

Fomba hahazoan'ny « relativisme » vahana eo amin'ny fiainan'ny olona ankehitriny?

1. mahazo vahana ao amin'ny tontolon'ny fanjifana ny « relativisme ».

Misafidy izay marina ho azy ny olona tahaka ny misafidy zavatra hovidiany eny amin'ny magazay : « izay tiako ihany no raisiko dia miovaova mpivarotra aho mba hahatanterahako izany sitrapoko izany ».

Ny « hevitra » dia toy ny entam-barotra eny an-tsena. Izay hitako varotana ka tiako no halaiko : afaka misafidy ny tsirairay satria « *samy manana ny tiany !* », « *samy manana ny heviny !* »

Ny fihetsika tahaka izany dia tsy mahatonga ny olona hieritreritra loatra, na haka fotoana handanjalanjana ny zavamisy. Aza hadinoina fa ny olona mpanjifa fotsiny dia tsy mba mamaky loha fa mividy ihany satria voatanan'ny safidiny izy.

Ny « relativisme » àry dia tsy manisny lanjany velively ny momban'ny fahamarinana, satria miainga amin'ny fitiavan-tenan'ny olona no hitondrany izany : « raha izaho ihany no ifantohako, dia tsy mahagaga raha tsy miraika amin'ny izay mety ho marina ivelan'ny hevitra aho ». Ny ambony indrindra mantsy dia ny momba ahy sy ny filako ihany.

2. Ny "didy jadona" –n'ny « relativisme »

Miseho ho malala-tsaina sy mora manaiky amin'ny zava-drehetra ny « relativisme ». Kanefa tsy mahazaka ny finoana mangarangarana akory izy satria lazainy fa fampiharana hentitra ny fomba fiheverana anankiray izany (fondamentaliste). Eo amin'ny sehatra hisehoan'ny fahamaroan'ny fanehoan-kevitra (pluralisme) sy ny fametrahana ny fiarahamonina toy ny tontolo iray (globalisation) dia anisan'ny olona lehibe amin'ny fitorian-teny tokoa ny « relativisme » amin'izany. Indrindra raha ampifadraisin'ny kristianina na atambany amin'ny zavamisy maha resy lahatr'azy eny ny marina dia ho loza mananontanona ka hampihen-danja ny herin'ny fiangonana izany.

Fandinihana ny Tenin'Andriamanitra hifanandrinana amin'ny « relativisme »?

Teksta iaingàna : Asan'ny Apostoly 17. 16-34

16 Ary raha niandry azy tany Atena Paoly, dia taitra tao anatiny ny fanahiny, raha nahita ny tanàna feno sampy izy.

17 Ary izy niady hevitra tamin'ny Jiosy sy ny proselyta tao amin'ny synagoga sy tamin'izay tafavory tany an-tsena isan'andro.

- 18 Ary ny olon-kendry sasany tamin'ny Epikoreana sy ny Stoika nanohitra azy koa, ka hoy ny sasany: Inona no tian'io mpibedibedy io holazaina? Ary hoy kosa ny sasany: Toa mitory andriamani-baovao izy, satria Jesosy sy ny fitsanganan'ny maty no notoriny.
- 19 Ary ireo naka azy, dia nitondra azy ho any Areopago ka nanao hoe: Moa mba mahazo mahafantatra izany fampianarana vaovao lazainao izany izahay?
- 20 Fa mamandre ny sofinay zavatra hafahafa izay tsy fantatray ianao; koa tianay ho fantatra izay hevitr'izany zavatra izany.
- 21 Fa ny Ateniana rehetra sy ny vahiny izay nitoetra teo tsy nandany ny androny tamin'ny zavatra hafa, afa-tsy ny hilaza na hihaino zava-baovao.
- 22 Ary Paoly nitsangana teo afovoan'i Areopago ka nanao hoe: Ry lehilahy Ateniana, hitako fa amin'ny zavatra rehetra dia fatra-pivavaka amin'ny andriamanitrareo indrindra ianareo.
- 23 Fa raha nandeha aho ka nandinika izay zavatra ivavahanareo, dia nahita alitara anankiray misy izao soratra izao: HO AN'IZAY ANDRIAMANITRA TSY FANTATRA. Koa izay ivavahanareo, kanefa tsy fantatrareo, dia izany no toriko aminareo,
- 24 dia Andriamanitra Izay nanao izao tontolo izao sy ny ao aminy rehetra, Izy no Tompon'ny lanitra sy ny tany ka tsy mba mitoetra ao anaty tempoly nataon-tanana,
- 25 sady tsy mba tompoin'ny tãnan'olona toa mila zavatra, fa Izy ihany no manome izao rehetra izao aina sy fofon'aina ary ny zavatra rehetra;
- 26 ary ny firenena rehetra avy amin'ny iray ihany dia namponeniny ambonin'ny tany rehetra, ary efa notendreny ny fotoan'andro sy ny faritry ny fonenany,
- 27 mba hitady an'Andriamanitra izy, raha tãhiny hahatsapa ka hahita Azy, kanefa tsy mba lavitra antsika rehetra Izy;
- 28 fa Izy no ivelomantsika sy ihetsehantsika ary iainantsika; araka ny nataon'ny mpanao tonon-kira sasany teo aminareo hoe: Fa terany koa isika.
- 29 Ary satria terak'Andriamanitra isika, dia tsy mety raha ny fomban'Andriamanitra no ataontsika ho tahaka ny volamena, na volafotsy, na vato voasoratra ny fahaizana aman-tsain'olombelona.
- 30 Ary Andriamanitra ninia tsy nijery ny andron'ny tsi-fahalalana; fa ankehitriny Izy mandidy ny olona rehetra amin'izao tontolo izao hibebaka,
- 31 satria Izy efa nanendry andro iray, izay hitsarany izao tontolo izao amin'ny fahamarinana amin'ny alalan'ny Lehilahy iray voatendriny, koa efa nanome vavolombelona hampino ny olona rehetra izany Izy tamin'ny nananganany Azy tamin'ny maty.
- 32 Ary raha nahare ny amin'ny fitsanganan'ny maty izy, dia nihomehy ny sasany; ary ny sasany kosa nanao hoe: Mbola hihaino anao indray izahay ny amin'izany zavatra izany.
- 33 Ary Paoly dia niala teo aminy.
- 34 Anefa ny olona sasany niray taminy ka nino; mba naman'izany Dionysio Areopagita sy ny vehivavy anankiray atao hoe Damary ary ny sasany koa

Tsara ho fantatra:

1. Momba ny dian'ny apositoly faharoa nandritra ny asa fitoriany ny Filazantsara ivelan'i palestina izy ity (2è voyage missionnaire). Manambara an'i Jesoa izay nirahin'Andriamanitra ho famonjena ny olona rehetra ny diany voalohany (évangélisation). Ny diany faharoa sy fahatelo kosa dia mikendry ny fanohizana ny asa ho an'izay mbola tsy nandre ny Vaovao Mahafaly (jereo, « mità mankaty Makedonia ka vonjeo izahay », 16 : 9, nanomboka teo ny fidiran'ny Filazantsara teto Eoropa), sy ny fanorenana ny Fiangonana teo amin'ny tanàna izay nisy olona nandray ny Filazantsara ka nino, ary ny fandrindràna ireny Fiangonana ireny avy eo.
2. Isaky ny tanàna novangian'ny apositoly, ny asa fitoriana dia notanterahany indroa miantaona ary amin'ny toerana anankiroa samihafa: eny amin'ny jiosy izay mpandova ny teny fikasana sy eny

amin'ny firenen-kafa izay nandraisan'ny apositoly antso avy amin'i Tompo mba hitoriany ny Filazantsara. Mitoriteny any amin'ny synagoga izy, araka izany, ho an'ny jiosy, sy eny amin'ny areopago ho an'ny firenen-kafa (jereo, toeram-piangonana mba hiresahana sy hifampizarana zava-baovao sy ny momba ny finoana).

3. Ny epikoreana sy ny stoika dia mandà ny mety ho fisian'Andriamanitra ivelan'ny zavabohary. Andriamanitra vaovao i Jesoa ho an'ny Ateniana ary tsy misy dikany amin'izireo ny fitsanganan'ny tena amin'ny maty satria efa mino ny tsi-fahafatesan'ny fanahy izireo. Nentiny teny amin'ny areopago i Paoly, toerana milamina izay fivorian'ny olon-kendry ara-pivavahana sy ny nahita fianarana ambony ary ny mpitondra fanjakana.
4. Hita manohitra ny demonia ny fivavahana rehetra saingy lavitr'azy ireo kosa ny fahafantarany ny amin'Andriamanitra velona izay niseho tamin'ny alàlan'i Jesoa Kristy loharanon'ny famonjena ka nilazan'i Paoly azireo ho toy ny mpanompo demonia (andinin'ny faha-22).

Ady atao'ny mino amin'ny « relativisme » ».

1. Miorina tsara amin'ny fahamarinana dia ny finoana an'i Jesoa Kristy izany.

« Fantatro izay inoako » ! hoy ny apositoly Paoly (2 Timoty 1 : 12). Jesoa kristy nitsangana tamin'ny maty no vontootin'ny Filazantsara izay notoriany. Niankina tamin'ny fitsanganan'i Jesoa ny fitoriana ny famelan-keloka (Asa 13 : 32-39). Raha tsy natsangana i kristy dia foana ny toriteny sy ny finoana Azy satria tonga tavela tao am-pasana izany, ka dia mbola ao anatin'ny fahotany ihany ny olona (1 Korintiana 15 : 17). Noho ny fitsanganan'i Jesoa kosa dia neken'Andriamanitra ny fanavotana vitany teo amin'ny hazofijaliana ho antsika (Romana 8 : 34). Andriamanitra velona Izy fa tsy nataon-tànana na noforonin'ny sain'olombelona. Hany azo antoka mampifandray sy manambara ny amin'Andriamanitra Izy (Jaona 14 : 6).

2. Manambara ny fahamarinana amin'ny fanententena sy ny fitiavana

Na dia eo anivon'ny tontolo isehoan'ny fahamaroan-kevitra (pluralisme) sy ny fisian'ny fifandraisan'ny fombam-pivavahana maro aza isika dia tsy tokony hihemotra amin'ny fizarana ny Filazantsara amin'ny olona rehetra. Kanefa, aoka mba ho amin'ny fitiavana kosa no hanaovantsika izany fa tsy amin'ny faneriterena. Mitaky fanententena avy amintsika tokoa izany dia ny fanajantsika ireo tsy mitovy finoana amintsika.

Nandinika ny fomban'ny fiaraha-monina nisy azy i Paoly tany Atena ka naka fotoana aloha nijerena sy nihainona ny fomban'ny olona hitoriany ny Filazantsara. Tsapany nandritr'izany ny hetahetam-panahin'ireto olona notsidihany izay « noana sy nangetaheta ny fahamarinana » kanefa tsy voky satria mbola tsy tafahaona tamin'Ilay « Marina » (jereo, « Andriamanitra tsy fantatra »).

Raha nitovy ny Fahamarinana avy amin'ny Filazantsara anefa i Paoly dia tsy mba tamin'ny teny marevaka, « tamin'ny fahalemena sy ny fahatahorana ary ny fangovitana be » aza, « tsy tamin'ny teny fahendrena mahataona » (1 Korintiana 2 : 1-4) fa tamin'ny fiandrasana ny asan'ny Fanahy Masina, satria Izy no Fanahin'ny fahamarinana (Jaona 14 : 17), ny Fanahy izay mitondra ho amin'ny fahamarinana (Jaona 16 : 13), Izy izay mampianatra sy mandresy lahatra ny olona (Jaona 14 : 26 / 15 : 26 / 16 : 8). Porofon'izany ireo vokatra azo natsapain-tanana dia ny fiovampon'ireo olona voalaza anarana sy mpamonjy fivoriana teo amin'ny areopago (Dionysio, Damary sy ireo olona maro).

Tadidio àry, fa rehefa manambara ny fahamarinana ny mino dia aoka tsy halaim-panahy hanao ny asan'ny Fanahy Masina izy fa mba hahay hietry kosa : « Fa sombintsombiny ny fahalalantsika... Fa ankehitriny isika mizaha ao amin'ny fitaratra ka tsy mahita marina; fa rahatrizay dia mifanatrika; ankehitriny sombintsombiny no fantatro; fa rahatrizay dia ho fantatro tsara toy izay nahafantarana ahy. » (1 Korintiana 13 : 9 sy12).

Moa tsy izany indrindra no ilantsika ny Fiangonana amin'ny haren'ny fahasamihafana ao anatin'ny mba hahatakarana ireo fisehon'ny fahamarinana samihafa raketin'ny Filazantsara ?

3. Asongadina eo amin'ny fiainana isanandro ny fahamarinana :

Hitantsika teo ny fiovam-pon'ireo olona nandray ny Filazantsara ka nasehony tamin'ny fanarahany an'i Tompo izany. Nanambara sy nitondra fiainam-baovao, ara-panahy, ho an'ny mino ny fitsanganan'i Jesoa Kristy. Izay miray Aminy dia hiara-handeha Aminy amin'ny fiainam-baovao (Romana 6 : 1-11/ 1 Petera 3 : 21)

Tonga nofo ao amin'i Jesoa Kristy ny fahamarinana fa tsy voafetran'ny filazan-kevitra teolojika samihafa akory. Ny fampisehoana ny fahamarinana araka izany dia ny fanahafana an'i Tompo mian-dàlana izay mitaona ny mino hisintaka amin'ny fomban'izao tontolo izao (anton'ny lohahevitra izay banjinintsika izany, ady amin'ny fanahafana an'izao tontolo izao sy ny « matérialisme », ady amin'ny « relativisme » sy ny « narcissisme »).

Famaranana :

Misy fanazavana atolotra ity mikasika ny fivavahana kristiana manoloana ny fahafahan'ny olona mihevitra izay tiany (liberté de pensée). Toy ny fifanakalozankevitra (dialogue) izay naton'i Paoly nanoloana ireo olon-kendrin'ny fiaraha-monina tamin'izany (Epikoreana sy Stoika).

« *Hoy i Jesoa tamin'ireo Jiosy izay nino azy: Raha mitoetra ao amin'ny teniko ianareo dia ho mpianatro tokoa; ho fantatrareo ny marina ary ny marina hanafaka anareo. [...]* Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa fa izay rehetra manota dia andevon'ny ota. » (Jaona 8 : 31-34)

Misy ny fahafahana mihevitra izay maharesy lahatra (liberté de pensée) manandevo ny olona rehefa tsy fantany ny hevi-panahy fonosin'ny « fahotana ». Teny tsy tantin'ny olona loatra ny « Fahotana », kanefa mahavery azy amin'ny hevitra adaladala satria mandetika ny fahendreny ho ao anatin'ny haizina izany. Mitaona azy hanalavitra ny fahamarinana ny « fahotana » satria manazava ny asany ratsy ny « marina » (Jaona 3 : 19).

Mba hialana amin'ny fanandevozan'ny fahotana àry dia tsy misy afa-tsy làlana tokana ihany : dia ny finoana ny fitsanganan'i Jesoa (araka ny fanazavana natao momba izany teo ambony).

Mitsatoka toy ny faneva ao amin'ny tantaran'ny zanak'olombelona ny hazofijaliana. Avy aminy no nanamarinan'Andriamanitra ny mino rehetra ka nahafahan'izy rehetra niditra ao amin'ny Fanjakan'ny Zanak'Andriamanitra; Fanjakan'Ilay hatrizay hatrizay, Ilay ankehitriny sy ho avy, Izay Alfa sy Omega mitondra ny tantara, dia Ilay mitsofoka mamakivaky ny fotoana sy ny toerana rehetra, manadio ny fieritrerentantsika , dia Ilay manaisotra antsika hiala amin'izay mety ho « relativisme » ka mitondra antsika amin'ny tena fahafahana. Ary izany fahafahana izany no mampiditra antsika amin'ny fahafahana mihevitra « izay tokony ho izy » marina tokoa (vraie liberté de pensée).

Ahoana no nahafantarana fa « avy amin'ny fahamarinana » isika? Raha toa isika ka « tsy ho tia amin'ny teny na amin'ny lela, fa amin'ny asa sy amin'ny marina. » (1 Jaona 3 : 18) satria, ao amin'Andriamanitra, dia « mihaona ny famindram-po sy ny fahamarinana ». (Salamo 85 : 10)

RAMAHERIJAONA Jean-Teddy, mpitandrina